# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Jolay 2019

# 30 Talata jolay

**Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny làlako ny teninao.** Salamo 119. 105

**Tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany.** Jaona 3. 19

**Fahazavana madio**

Vao tsy ela ity mpivaro-boankazo iray no nahafantatra fa tena Tenin'Andriamanitra tokoa ny Baiboly. Namaky izany tao ambadiky ny entam-barony izy, teo am-piandrasana ny mpividy.

— Inona izato vakinao izato ? hoy ny mpividy iray.

— Ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly, hoy izy, falifaly.

— Marina ve ? Fa iza no milaza aminao fa tena Tenin'Andriamanitra tokoa ny Baiboly ?

— Andriamanitra mihitsy.

— Tena niteny manokana taminao angaha Izy ?

Somary sadaikatra kely aloha ilay mpivarotra ; nefa avy eo dia notondroiny ny tsena heniky ny masoandro tamin'io maraina io, ka nanontaniany ilay rangahy niresaka taminy hoe :

— Mba azonao porofoina ve, tompoko, fa misy ny masoandro ?

— Porofoina hoe ? Tsapako fotsiny ny hafanany ary hitako ny hazavany.

— Toy izany koa ny Baiboly, amiko. Manafana ny foko izy ary manazava ny fisainako. Izany no manaporofo amiko fa tena ilay Bokin'Andriamanitra tokoa izy.

*Ny Teninao, Andriamanitra ô, dia mirakitra*
*Ilay harena sarobidy indrindra,*
*Satria asehon'ny Fanahinao anay ao*
*Jesosy, Ilay hany lalana mankany an-danitra.*

*Ny Teninao, fahazavana madio,*
*No manazava sy mitarika ny dianay rehetra*
*Mba hahazoanay manome voninahitra Anao,*
*Etỳ an-tany, ry Ray be fitia.*